# Ilay Voa Tsara Nafafy 22 Septambra 2018

# 22 Asabotsy septambra

**Nino aho ; hiteny tokoa aho.** Salamo 116. 10

**... mba tsy hiorenan'ny finoanareo amin'ny fahendren'ny olona, fa amin'ny herin'Andriamanitra ihany.**
1 Korintiana 2. 5

## Ny vaovao mahafaly manambara ny fanomezan'Andriamanitra (2)

„Tsapako, nandritra ireo volana nifandimby, fa tafahoatra ny fiahiako ny fianakaviako. Te hahita vahaolana hatrany aho, ary nahatsapa koa fa nanjary izaho no niandraikitra na ny olana kely na ny olana lehibe mahazo ny tsirairay. Tiako ihany koa ny hahitan'ny rehetra famonjena ao amin'i Jesosy, na tamin'ny fomba ahoana na tamin'ny fomba ahoana ! Saingy nampitandrina ahy Andriamanitra : „Tandremo, mitady haka ny toerako ianao, mihevitra ny tenanao ho tompon'andraikitry ny hoavin'ny tsirairay ao amin'ny ankohonanao ! Tsy hahavita na inona na inona ianao. Apetraho amiko izay zavatra iainanao sy ny fianakavianao manontolo. Miverena amiko mandrakariva, ary mangataha torohevitra amiko !"

Taloha aho dia niezaka hanaporofo hatrany. Ny tenako no niady mba hitondra ny olona ho amin'ny famonjena. Ny Filazantsara, anefa, tsy fitambarana fitsipika, toy ny fehezan-dalàna momba ny fifamoivoizana, na ny vokatry ny fanaporofoana ataon'olombelona. Ny Filazantsara dia vaovao mahafaly manambara ny fanomezan'Andriamanitra. Ny Filazantsara dia tsy azo oharina velively amin'ireo antokom-pivavahana mandidy hanao asa soa, kanefa tsy mahalala ny atao hoe fangorahana, fitiavana, fahalemem-panahy, fitserana, rariny.

Rehefa manatona an'Andriamanitra isika no mandray avy aminy ny hery sy ny teny izay hikasika ny hafa. Amin'ny finoana an'i Jesosy irery ihany no ahazoana manatona an'Andriamanitra sy miditra ao amin'ny fanjakany. Matoky ny fahasoavan'Andriamanitra sy ny heriny aho no mivavaka, mba handraisan'ny ankohonako tsirairay ny famonjena ao amin'i Jesosy.

Nisy rahavaviko iray, nikorontan-tsaina ka feno tebiteby lalina. Niresaka taminy ny amin'i Jesosy aho, dia nahita fiadanam-po izy, ary nino Azy. Afaka miara-mivavaka izahay ankehitriny, ary ao anatin'ny fifaliana."

*Rosa*